



TARI-DALANA MIKASIKA NY FANDRAISANA IREO VAHINY

avec le soutien de

l'acsé

l'agence nationale
pour la cohésion sociale
et l'égalité des chances



Conseil des étrangers



VILLE DE
CACHAN

Fanoroam-pejy

- **Fanolorana** 1
- **Fahazoan-jo** 2
- **Fandrantoana ny teny frantsay** 7
- **Fahazoan-dalana amin'ny fitsaboana** 8
- **Maha olom-pirenena vanona** 12

N° Jereo amin'ny alalan'ny sarin-tany ireo toerana rehetra

fanolorana

Manan-karena amin'ny fahasamihafana ny tanànantsika izay anisan'ny mampandroso azy.

Zava-dehibe ny manamora ny fipetrahan' ireo vahiny monina eto Cachan amin'ny alalan'ny fampahafantarana azy ny zo ananany ary ireo lalana tokony hizorany. Avy amin'io tanjona io indrindra no nahatonga ny Mpanolo-tsain'ireo vahiny eto Cachan sy ny Tanàna niara-niombon-kevitra amin'ny fanatanterahana izao tari-dalana mikasika ny fandraisana ireo vahiny izao.

Voadika amin'ny fiteny enina,ity tari-dalana ity izay ahitana fampahalalana tena ilaina rehetra amin'ny fidirana eto : fahazoan-jo , fitsaboana , fianarana ny teny frantsay , ny maha olom-pirenena vanona ary ny ady atao amin'ny fanavakavahana. Mirary aho mba hahazoan'ny tsirairay miaina ara-dalàna eto Cachan ary handray anjara feno amin'ny fiainan'ity toeram-ponenana ity.

Jean-Yves Le Bouillonnet
Ben'ny tanànan'i Cachan
Solom-bavam-bhoaka ao Val-de-Marne

Ny Mpanolo-tsain'ireo vahiny

Eo ambany fitarihan'ny Ben'ny tanàna, ny Mpanolo-tsain'ireo vahiny dia ahitana mpikambana 24 izay mizaka zom-pirenena vahiny 13 samihafa. Ny tanjony dia hanatsara ny fifandraisan'ireo vahiny rehetra monina eto Cachan sy handraisany anjara feno amin'ny fiainan'ny tanàna honenana eto. Manana adidy ny Mpanolo-tsaina amin'ny fanamorana ny fandraisan'ireo vahiny anjara amin'ny fiainana ara-pôlitika sy ara-panjakana, amin'ny fahamendrehana eo amin'ny fandraisana anjara entiny ho an'ny fiainan'ny mponina eto Cachan ary mampirisika ny fahaiza-miaina eto an-toerana. Afaka mamolavola hevitra ary manoso-kevitra izy ireo amin'ireo tetik'asa manan-danja hanatsarana ny fiainan'ny fiarahamonina.

Ireo lalana izorana amin'ny fahazoan-jo

■ Ny firaisana (sous-préfecture) :

Famoahana ny taratasy mikasika ny faharetan'ny fotoana ivahinianana ary fandinihana ireo taratasy fangatahana ho tompon-tany ataon'ireo vahiny.

Sous-préfecture de L'Haÿ-les-Roses

2 avenue Larroumès à L'Haÿ-les-Roses

01 49 56 65 00 - Site : <http://www.val-de-marne.pref.gouv.fr/>

(Accès par le bus 184)

Ora fisokafan'ny birao :

Isaky ny alatsinainy, talata, alarobia ary ny zoma amin'ny 9ora ka hatramin'ny 4ora hariva ary ny alakamisy ihany ho an'ireo nahazo fiantsoana. Ny fakana ireo taratasy fahazoan-dalana hipetraka dia tsy misy afa-tsy isaky ny alatsinainy, talata, alarobia ary ny zoma amin'ny 10ora ka hatramin'ny 12ora na amin'ny andro sy ny ora voatondro tamin'ny hafatra voarainao.

- Ny lapan'ny tanànan'i Cachan mampahafantatra ireo dingana arahina amin'izany.

Lapan'ny tanànan'i Cachan

Square de la Libération - 01 49 69 69 69

Ora fisokafan'ny birao :

Manomboka ny alatsinainy ka hatramin'ny zoma amin'ny 8ora sy fahefany ka hatramin'ny 12 ora ary amin'ny 1 ora sy sasany atoandro ka hatramin'ny 5ora sy fahefany.

Mihidy ny alakamisy maraina

Talata sy alakamisy misokatra hatramin'ny 7ora hariva

Sabotsy amin'ny 9ora latsaka fahefany ka hatramin'ny 12 ora sy sasany

- Ireo rafitra sasany afaka manampy anao amin'ireo dingana samihafa arahina ary manome soso-kevitra ilainao (zo tokony hananan'ny vahiny, zo amin'ny fananana trano honenana, zo amin'ny fananana asa, zo mahakasika ny fianakaviana, sns.) :

- Ny Tranoben'ny fitsarana sy ny fananan-jo dia misokatra ho an'ny mponina rehetra eto an-tanan-dehibe. Toerana izay ahazoan'ny tsirairay valiny tsootra sady haingana amin'ireo fanontaniana mahakasika ny lalàna amin'ny alalan'ny fanomezam-baovao maimaim-poana ary azo itokisana. Afaka ihany koa ianao, amin'ny alalan'ireo vondron'olona samihafa sady za-draharaha, hahazo fanampiana, toro lalana, fampaherezana ary, eo am-pamaranana azy, dia manana tombony tanteraka eo am-panarahana ny antontan-taratasy.

Tranoben'ny fitsarana sy ny fananan-jo

65 rue Jean-Jaurès à Villejuif - 01 43 90 25 25

(Accès par le bus 162)

Ora fisokafan'ny birao :

Alatsinainy manomboka amin'ny 9ora ka hatramin'ny 12ora sy sasany ary amin'ny 10ra sy sasany atoandro ka hatramin'ny 5ora sy sasany hariva

Talata manomboka amin'ny 9ora ka hatramin'ny 12ora sy sasany – fandraisana antso an-tarobia manomboka amin'ny 10ra sy sasany atoandro ka hatramin'ny 4ora sy sasany hariva

Alarobia manomboka amin'ny 9ora ka hatramin'ny 5ora sy sasany hariva tsy misy fiatoana

Alakamisy manomboka amin'ny 10ra sy sasany atoandro ka hatramin'ny 7ora sy sasany alina

Zoma fandraisana antso an-tarobia manomboka amin'ny 9ora sy sasany ka hatramin'ny 12ora sy sasany

- **Ny fikambanana Lalam-Baovao** dia manolotra fanampiana mikasika ny lalàna sy ny raharaha ara-panjakana amin'ny alalan'ireo mpiandry raharaha maimaim-poana ao amin'ny foiben-toerana ara-tsosialy sy kolontsaina ao Cachan.

Foiben-toerana ara-tsosialy sy kolontsaina La Plaine 1

1 allée Pierre de Montreuil - 01 49 69 60 10

E-mail : csc.laplaine@yahoo.fr

Foiben-toerana ara-tsosialy sy kolontsaina Lamartine 2

4 square Lamartine - 01 49 69 61 10

E-mail : csc.lamartine@wanadoo.fr

Foiben-toerana ara-tsosialy sy kolontsaina Maison Cousté 3

19 rue Cousté - 01 45 46 67 15

E-mail : csc.maisoncouste@yahoo.fr

- **Miara-manoratra** dia manampy ireo olona misedra olana amin'ny fanoratana taratasy mankany amin'ny olon-tsotra na fikambanana ara-panjakana sy tsy miankina, mandrafitra ny CV, taratasy milaza antony mahavonona ny tena. Ireo mpilatsaka an-tsitrabo ao amin'ny fikambanana dia manampy ihany koa amin'ny dingana rehetra atao ara-panjakana : mameno ireo antontan-taratasy , mandahatra ireo antontan-taratasy ho iray. Manoro lalana any amin'ireo sampan-draharaha mahefa izy ireo, raha ilaina .

Miara-manoratra 4

Espace des solidarités

3 rue Camille Desmoulins - 01 49 69 15 70

Ora fisokafan'ny birao :

Isaky ny talata,alarobia ary sabotsy manomboka amin'ny gora ka hatramin'ny 11ora sy sasany, ivelan' ny fialan-tsasatry ny sekoly ary koa isaky ny sabotsy manaraka izany.

- **PFiandrasan-draharaha maimaim-poana ataon'ireo mpisolovava ao amin'ny Lapan'ny tanàna 11**

Misy mpisolovava mandray olona ao isaky ny sabotsy fahatelon'ny volana manomboka amin'ny 10ora sy fahefany ka hatramin'ny 11ora sy sasany, tsy handoavam-bola ary tsy voatery hisy fotoana nifanomezana.

- **CIDFF Val de Marne** dia manolotra ireo mpiandry raharaha tsy andoavam-bola mahakasika ny zon'ny vehivavy sy ny fianakaviana (fahazoana ny zo, ady atao amin'ny herisetra,asa sy famoronana orinasa, fiainampianakaviana sy ny fifandraisan'ny ray aman-dreny sy ny zanaka, fahasalamana, fianarana sy ny maha olom-pirenena)

CIDFF Val de Marne

12 avenue Mitterrand 94000 Créteil - 01 72 16 56 50

- **Lireo fikambanana manampy ny vahiny sy ny ady atao amin'ny fanavakavahana**

- **SOS Fanavakavaham-bolon-koditra aza kasihina ny akamako 5**

Miady amin'ireo endrika rehetra isehoan'ny fanavakavaham-bolon-koditra ny fikambanana.

Maison des associations

9 rue Amédée Picard - 09 54 87 85 59

E-mail : socracisemvdm@free.fr

- **Fandraisana sy fampandrosoana (mifandray amin'ny Paroasy eto Cachan) 6**

Fandraisana, fanampiana sy torohevitra ho an'ireo olona vahiny

7 rue Nouvelle – 01 46 64 58 36

E-mail : jeanclaude.bullier@orange.fr

- **Fifandraisana eo amin'ny fampianarana tsy voafetran-tsisin-tany (RESF) 5**

Miady amin'ny elanelana misy an'ireo ankizy mpianatra vahiny eto Frantsa ny fikambanana, elanelana noho ny maha vahiny ny ray aman-dreniny nefa tsy manana taratasy ara-dalàna .

Maison des associations

9 rue Amédée Picard - 01 46 63 13 93 – 01 46 63 21 20

E-mail : resfcachan@hotmail.fr

- **GISTI**

Ny GISTI dia vondron'olona mampiely vaovao sy mpanohana ireo mpi-findra monina. Manampy an-tsitrapo sady maimaim-poana mikasika ny lalàna ireo mpandry raharaha :

- Amin'ny alalan'ny antso an-taroby isaky ny alatsinainy ka hatramin'ny zoma eo anelanelan'ny 3ora sy amin'ny 6ora hariva amin'ny laharana 01 43 14 60 66

- Amin'ny alalan'ny hafatra (courrier) ahitana valiny ao anatin'ny fe-po-toana roa herinandro fara fahaelany.

Manorata mankany amin'ny :

GISTI – 3 villa Marcès – 75011 Paris – France

Ho tohin'ny antsonao na ny hafatra nalefanao dia afaka mifamotoana aminao koa izahay.

Mianatra ny teny frantsay

Ny fahafehezana ny teny frantsay no antoka lehibe amin'ny fandraisana sy fampidirana anao amin'ny fiainana ara-tsosialy sy arak'asa. Ireo foibe ara-tsosialy sy ara-kolontsaina misy eto Cachan dia manolotra isan-taona ireo fampianarana teny frantsay mifantoka indrindra amin'ny fiainana ara-tsosialy. Afaka mitarika anao amin'ny fianarana hafa mifanaraka amin'ny filanao koa izy ireo (fianarana mamaky teny sy manoratra, fampiofanana mikasika ny teny frantsay ilaina eo amin'ny sehatry ny asa,...).

- **Foiben-toerana ara-tsosialy sy kolontsaina La Plaine 1**

1 allée Pierre de Montreuil - 01 49 69 60 10

E-mail : csc.laplaine@yahoo.fr

- **Foiben-toerana ara-tsosialy sy kolontsaina Lamartine 2**

4 square Lamartine - 01 49 69 61 10

E-mail : csc.lamartine@wanadoo.fr

- **Foiben-toerana ara-tsosialy sy kolontsaina Maison Cousté 3**

19 rue Cousté - 01 45 46 67 15

E-mail : csc.maisoncouste@yahoo.fr

Fahazoana ireo fitsaboana samihafa

Hanano sarotra tokoa ny fahazoana ny fitsaboana raha tsy mahafantatra ny rafitra ara-pahasalamana frantsay na tsy mahafehy ny teny frantsay. Maro anefa ireo rafitra misy eto Cachan hanamora ny fahazoanao fitsaboana.

- **Ny Foibe monisipaly ara-pahasalamana (CMS)** dia afaka manome fitsaboana ho an'ny olona rehetra, na manana fiantohana ara-tsosialy izy na tsia. Manolotra anao fizaham-pahasalamana amin'ny aretina ankapobeny izy sy ireo aretina ilana fitsaboana manokana. Manana ihany koa izy sampan'asa mitsabo nify, sampan'asa mikasika ny "orthodontie" ary ny sampam-pitsaboana amin'ny alalan'ny otra (kinésithérapie). Tsy mandoa vola afa-tsy ny ampahany kely amin'ny vola aloha ihany ny olona manana fiantohana ara-tsosialy. Izany hoe vola ataon'ny Fiahiana ara-tsosialy ho fandraisana anjaran'ny olona iantohany, ary mety haverin'ny tranom-piantohana iray izany, arakaraka ny taratasy nifanarahany. Afaka mahazo fitsaboana ao amin'ny CMS koa ny olona tsy misy fiantohana saingy mandoa manontolo ny vola lany any amin'ny Fiahiana ara-tsosialy.

Centre Municipal de Santé 7

7 av. Cousin de Méricourt
01 49 69 61 40 et 01 49 69 61 50

Ora fisokafan'ny birao :

Manomboka ny alatsinainy ka hatramin'ny zoma amin'ny 8ora ka hatramin'ny 12ora sy sasany ary manomboka amin'ny 10ra sy sasany ka hatramin'ny 7ora hariva,
Sabotsy manomboka amin'ny 9ora ka hatramin'ny 12ora.

- **Ireo foibe miaro ny reny bevohoka sy ny zaza (PMI)** manao fizaham-pahasalamana sy hetsika ho fiarovana ara-pahasalamana sy ara-tsosialy (Fanabeazana aizana, misafo ireo reny bevohoka, mandanja ireo zazakely, mandray ireo fianakaviana mbola tanora kely, fizahana ireo manan-kilema, ireo aretina mateti-pitranga, tsy fahatomombanan'ireo taovam-pitsapana, fahatarana eo amin'ny fivoaran-tsaina, fiarovana ny ankizy, fanaovana vaksiny ...) ho an'ireo vehivavy sy ny zaza latsaky ny enin-taona.

PMI centre-ville 8

4 rue Raspail - 01 46 64 08 81

PMI Pasteur 9

2 avenue Pasteur - 01 46 63 21 88

- **Ny Foibe momba ny fandrindrana sy fanabeazana ny fianakaviana** dia mampahafantatra ireo fomba atao amin'ny fanabeazana aizana, ny fampiatoana an-tsitraro ny vohoka, ny tsy fiterahana, fanaraha-maso ireo bevohoka ary ny firaisana ara-nofo sy ny fiainan'ny mpivady.

Centre de planification et d'éducation familiale 9

2 avenue Pasteur - 01 46 63 21 88

Ora fisokafan'ny birao :

Alarobia voalohan'ny volana manomboka amin'ny 1 ora sy sasany ka hatramin'ny 3ora sy sasany tolakandro
Ny alarobia ankoatra an'io dia manomboka amin'ny 3ora sy sasany tolakandro ka hatramin'ny 6ora sy sasany hariva
Zoma manomboka amin'ny 9ora ka hatramin'ny 10ra atoandro araka ny fotoana nifanomezana.

- **Ny foibe fitsaboana ara-tsaina** , fizaham-pahasalamana ho an'ny lehibe

Centre médico-psychologique 10

43 avenue Carnot - 01 41 24 27 20

Ora fisokafan'ny birao :

Ny alatsinainy ka hatramin'ny zoma manomboka amin'ny 9ora ka hatramin'ny 5ora hariva

- **Ny tahirim-bola voalohany miantoka ny marary (CPAM)** dia manadihady ireo fangatahana hisoratra anarana ao amin'ny fiahiana ara-tsosialy ary manoro ireo tsara ho fantatra mikasika ny fiantohana ny marary. Manadihady ihany koa izy momba ireo fangatahana fanampiana ara-pitsaboana omen'ny Fanjakana (Afaka mitsabo ireo vahiny tsy manana taratasy aradalàna izay voafaritry ny fepetra samihafa ny AME)

Caisse primaire d'assurance maladie

3 bis passage de la Fontaine - 94800 Villejuif

Ora fisokafan'ny birao :

Ny alatsinainy ka hatramin'ny zoma manomboka amin'ny 8ora sy sasany ka hatramin'ny 4ora hariva

- **Ny komity ara-pahasalamana ho an'ireo sesi-tany (Comede)** dia manana tanjona amin'ny fanatsarana ny fahasalaman'ireo voasesi-tany eto Frantsa. Manana foibe ara-pahasalamana iray izy, ivon-toerana momba ny fahasalamana sy lalàna iray ary foibem-pahalalana iray.

Centre de santé à l'Hôpital Bicêtre

78 rue du Général Leclerc au Kremlin Bicêtre

Fizaham-pahasalamana, mpitsabo mpanampy, fitsaboana ara-tsaina, ary fiainana ara-tsosialy sy lalàna miaraka amin'ny mpandika teny, amin'ny fotoana ifanomezana.

Ny alatsinainy ka hatramin'ny zoma- 01 45 21 38 40

Mpiandry raharaha ifandraisana amin'ny antso an-tariby momba ny zananana, fanampiana, ary fahazoana fitsaboana

Ny alatsinainy ka hatramin'ny alakamisy manomboka amin'ny 9 ora sy sasany ka hatramin'ny 12 ora sy sasany. – 01 45 21 63 12

Mpiandry raharaha ifandraisana amin'ny antso an-tariby misahana ny fahasalamana,

Ny alatsinainy ka hatramin'ny alarobia manomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro ka hatramin'ny 5 ora sy sasany – 01 45 21 38 93

Mpiandry raharaha ifandraisana amin'ny antso an-tariby misahana ny aretin-tsaina,

Ny talata sy alarobia manomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro ka hatramin'ny 5 ora sy sasany – 01 45 21 39 31

Maha olom-pirenena

Maro ireo sehatra azonao andraisana anjara eo amin'ny fiainan'ny tanàna (fiarahamonina). Mety hahita fanohanana amin'izany ianao mba hampivoarana ireo tetik'asa isan-karazany ao an-tanàna na hanandratra avo ny firaisan-kina iraisam-pirenena.


- **Ireo komitim-paritra**

Ireo komitim-paritra dia sehatra fikaonan-doha izay hahafahan'ireo mponina eto Cachan mifanakalo hevitra momba ny fiainan'ny faritra, mametraka ireo lamina amin'ny fivoaran'ny tetik'asa ary ireo tolo-kevitra eo amin'ny hoavin'ny tanàna. Mivory ara-potoana matetika izy ireo ary azon'ny rehetra atrehina. Ampahafantarina ny olona amin'ny alalan'ny tranonkalam-pifandraisan'ny tanàna ny daty sy ny tatitra amin'izany.

komitim-paritra avarata –andrefana - E-mail : coqon.cachan@gmail.com
komitim-paritr' i Coteau - E-mail : cdq.coteau@mail.com
komitim-paritry La Plaine - E-mail : dsu@ville-cachanl.fr
komitim-paritra afovoan-tanàna (centre ville) -
E-mail : comité.quartier.cv@gmail.com
komitim-paritry Ouest-Sud - E-mail : dsu@ville-cachanl.fr

- **Ny Mpanolo-tsain' ireo vahiny**

Ny Mpanolo-tsain'ireo vahiny dia ahitana mpikambana 24 izay mizaka zom-pirenena vahiny 13 samihafa. Ny tanjony dia hanatsara ny fifandraisan'ireo vahiny rehetra monina eto Cachan sy handraisany anjara feno amin'ny fiainan'ny tanàna honenana eto. Manana adidy ny Mpanolo-tsaina amin'ny fanamorana ny fandraisan' ireo vahiny anjara amin'ny fiainana ara-pôlitika sy ara-panjakana, amin'ny fahamendrehana eo amin'ny fandraisana anjara entiny ho an'ny fiainan'ny mponina eto Cachan ary mampirisika ny fahaiza-miaina eto an-toerana. Afaka mamolavola hevitra ary manosy-kevitra izy ireo amin'ireo tetik'asa manan-danja hanatsarana ny fiainan'ny fiarahamonina.


Service Développement social urbain
Mairie de Cachan  01 49 69 69 10 - E-mail : dsu@ville-cachan.fr

- **Ny komitim-pifandraisana iraisam-pirenena sy ny fampifandraisana an'i Cachan amin'ny tanàna hafa (CRIJ)**

Ny CRIJ dia manohana ireo fikambana sy ireo toeram-pianarana eto Cachan amin'ny fanatanterahana ireo tetik'asa mikasika ny firaisan-kina iraisam-pirenena sy ny fifanakalozana iraisam-pirenena. misahana ny fampiraisana an'i Cachan amin'ny tanàna hafa izy mandrindra ny fampianarana ny teny vahiny.

Maison de l'amitié 

94 rue Etienne Dolet - www.cachan-crij.org - 06 27 46 07 15



Afaka mifandray amin'ny tompon'andraikitra ao amin'ny lapan'ny Tanàna
ianao raha mila fanazavana fanampiny :

Tomponandraikity ny Fampandrosoana ara-tsosialy an-drenivohitra
dsu@ville-cachan.fr

01 49 69 69 10